GAZETY
tohiravina

TERAKA

www.teraka.org - n°13 - Janoary 2026 - MAIMAIMPOANA



TRATRY NY TAONA 2026 : ISIKA REHETRA MIARAKA MANORATRA NY TANTARA

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA : 1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin'ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon'andraikitra isika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :

1. **FANITARANA NY FANDAHARANASA TERAKA ANY AMIN'NY DISTRIKAN'NY MANANDRIANA: Fahavononana mendrika halain-tahaka**
2. **SAMY TOMPONANDRAIKITRA: Soatoavina iray ivon'ny fandaharanasa TERAKA**
3. **NY KARAZANJAVAMANANAINA DIA MAMPIAKATRA NY LANJAN'NY TAHIRY KARBAONA**
4. **AMIN'NY FAHA 66 TAONANY I DATOA ROGER NO MAMBOLY HAZO SY MAMPITSIRY FANANTENANA**

Mihamitombo hatrany ny mpikambana TERAKA. Tantsaha izay miara-mientana amin'ny fandraisana andraikitra ary resy lahatra fa azo atao ny manorina ho avy maharitra miandalana. Ny fanitarana vao haingana tao amin'ny distrikan'i Manandriana, izay nahitana kaominina vaovao valo nirotsaka an-tsehatra sy mpikambana vaovao manodidina ny 1 000, dia porofon'izany fahavononana sy fiaraha-mientana mifantoka amin'ny asa mivaingana izany.

Tsy fambolena hazo fotsiny ny TERAKA fa fikoloana ihany koa ny fahasamihafana, fifampizaràna fahalalana, fanamafisana ny firaisankina ary fanatanterahana andraikitra iombonana amin'ny alalan'ny Vondrona Madinika, ny fivorian'ny Klastera, ny tanin-janakazo valatahaka, ary ny fampiharana ny ala vadim-boly ihany koa.

Amin'izao fiandohan'ny taona 2026 izao, ny ekipan'ny fandaharanasa TERAKA manontolo dia mirary soa indrindra ho an'ireo tantsaha mpikambana rehetra, ho an'ny zanany ary ho an'ny fiaraha-monina misy azy. Enga anie ity taona vaovao ity hitondra fahasalamana, herim-po ary fahombiazana ho antsika rehetra, ary koa taom-pambolena tena mahomby. Ny hazo tsirairay ambolena dia asa mitondra fanantenana ho an'ny Tanindrazantsika sy ho an'ny taranaka ho avy. Amin'ity taona 2026 ity, mijanona ho eo anilantsika hatrany ny TERAKA sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy. 'Ndao isika hanohy hanangana tany velona, vondrom-piarahamonina miray hina ary ho avy maharitra.

Tratry ny taona 2026 ary mirary taom-pambolen-kazo mahomby ho antsika rehetra.

1- ANITARANA NY FANDAHARANASA TERAKA ANY AMIN’NY DISTRIKAN’NY MANANDRIANA



Amin'izao vanimpotoanan'ny fambolen-kazo izao dia mitombo ny fahavononana sy ny fanentanana amin'ny fandaharanasa teraka.
Anisan'ny misitraka ny fiarahamiasa ny tantsaha amin'ny kaominina 8 @ Faritra Amoron'i Mania, distrika Manandriana: Soatanana, Andakantanikely, Anjoman'ankona, Ambohimahazo, Ilanjana, Ambatomarina, Ambovombe, Anjoma Nandihizana. Nandritra ny 2 volana nanentanana dia efa 1000 ireo tantsaha resy lahatra @ fandaharanasa ary maherin'ny 300 ireo efa nahatsangana vondrona madinika.
Mandritra ny fihaonana isambolana dia vaindohan-draharahan'ireo tantsaha ny fananganana tanin-janakazo valatahaka, izay ahitana karazany toy ny tapia, paiso, voandelaka, kininina. Koa roso ny dia, fa izay afafy ihany no hojinjaina.

2 - SAMY TOMPONANDRAIKITRA: Soatoavina iray ivon’ny fandaharanasa TERAKA

TERAKA dia tsy fandaharanasa fambolenkazo fotsiny. Izy io ihany koa dia vondrom-piarahamonina ahitana vehivavy sy lehilahy mitovy fomba fijery : mamboly hazo mba hahazoana vokatra ankehitriny sy hitsinjovana ny ho avy.
Eto Madagasikara dia fantatsika rehetra ny vokatry ny fandringanana ala toy ny : tsy fahampian-drano, fikaohan’ny riaka ny nofon-tany, fahamantan’ny tany. Manoloana ireo olana ireo, ny vahaolana tsara indrindra dia ny fiaraha-mientana. Ny fahombiazan’ny TERAKA dia miankina amin’ny fandraisana andraikitry ny mpikambana tsirairay.
Ny fambolen-kazo, ny fampiharana ny fomba fanao tsara amin’ny fambolena, ny fianarana mahakasika ny ala vadim-boly ary ny fahaizana miatrika ny fiovan’ny toetrandro dia ezaka iombonana. Ny hazo tsirairay ambolena dia mahasoa ny tantsaha, mpiara-monina, ny tanàna, ny taranaka ho avy ary ny tontolo iainana manontolo amin’ny alalan’ny toetrandro sy ny harena voajanahary.
Ny fandraisana andraikitra ihany koa dia hita eo anivon’ny fianakaviamben’ny TERAKA. Rehefa misy fivoriana na seminera handraisana mpikambana vaovao, dia samy manana ny anjara andraikiny ny rehetra : mampahafantatra, manasa, manazava ny tombontsoa azo avy amin’ny fandaharanasa. Hahomby kokoa TERAKA raha maro isika, mivondrona anaty vondrona madinika sy vovonam-bondrona matanjaka, misokatra amin’ny rehetra ary mavitrika. Amin’izany fiaraha-mientan’ny rehetra izany dia ho afaka hanitatra sy hampivoatra



ny fandaharanasa any amin’ny faritra misy antsika sy any amin’ny faritra vaovao isika. Ny fizaràna momba ny TERAKA amin’ny manodidina, dia ahafahanao manampy mivantana amin’ny fahombiazan’ny fandaharanasa any amin’ny faritra misy anao ianao ary ihany koa mampihena ny fandaniana, izay mitondra fidiram-bola bebe kokoa ho an’ny fandaharanasa sy ho an’ny tsirairay. TERAKA dia mitombo noho ny fandraisana anjaran’ny tsirairay. Amin’ny alalan’ny fandraisana andraikitra, ‘ndao hohamafisina miaraka ny fiaraha-monina ary hohatsaraina miaraka ny ho avy.

3 - NY KARAZANJAVAMANANAINA DIA MAMPIAKATRA NY LANJAN’NY TAHIRY KARBAONA



Fantatra amin’ny ankapobeny fa ny hazo ambolena dia misintona ny Karbaona avy amin’ny rivotra. Ity karbaona ity,izay tsy hita maso nefa tena misy, no ahazoana ny Tahiry Karbaona amidy amin’ny orinasa mba hiadiana amin’ny fiovan’ny toetrandro.
Ankoatr’izay dia fantatsika ihany koa fa ny hazo dia mitondra voka-tsoa hafa ankoatry ny Karbaona: manome aina indray ny tontolo manodidina ary ihany koa misy fiantraikany mihabo eo amin’ny fiaraha-monina satria ny fambolena hazo maharitra dia sady asa fitiava-namana no antoka fahatokisana amin’ny ho avy.
Ny ala ahitana karazan-kazo samy hafa dia misintona ireo vorona,mamelona ny tantely, mandray anjara amin’ny fitrohan’ny tany ny rano, miantoka ny fahadiovan’ny rano, miaro ny nofon-tany tsy ho kaohin’ny riaka ary manamasaka ny tany, ahazoana vilona sy kitay. Ankoatr’izay, manatsara ny kalitaon’ny rivotra ihany koa ny ala, mampitony ny rivotra, manome alokaloka ary mampisy endrika ny tanànantsika. Ny fivorian’ny Vondrona Madinika sy ny Vovonam-bondrona dia manome fahafahana ny tantsaha hifampizara sy hifanakalo hevitra mahakasika ny fitantanana ny tontolo iainana sy ny soa iombonana. Ireo no antsoina hoe tombontsoa fanampiny, izay mifandraika amin’ny fitantanana sy ny karazanjavamananaina. Izany dia mampiseho fa ny tantsaha ao amin’ny TERAKA dia tsy mamboly hazo fotsiny ho an’ny toetrandro, fa mba hanatsara ihany koa ny fiainan’ny manodidina azy ireo.
Sarobidy ireo tombontsoa fanampiny ireo. Mampitombo ny kalitaon’ny Tahiry Karbaona TERAKA izy ireo satria ireo mpanjifa dia mitady ireo tetikasa izay sady miaro ny tontolo iainana no miaro ny fiaraha-monina. Ny mpanjifa eran-tany dia mahalala ny lazan’ny Madagasikara amin’ny fananananany karazanjavamananaina maro. Arak’izany, ny fisian’ny karazanjavamananaina maro ao anaty tanin-kazo no mahatsara kalitaon’ny Tahiry Karbaona.

iaraha-mahalala fa ny karazanjavamananaina dia loharanon-karena itambarana. Ny hazo iray novolena, ny moron-drano iray izay voaaro, ny tanin-janakazo iray ahitana karazanjavamananaina maro dia miaro ny mponina eo an-toerana ary manome lanja mihabo ny Tahiry Karbaona.
Tantsaha iray no nanambara nandritra ny fivoriana fa rehefa mamboly karazan-kazo samy hafa izy dia manome lanja ny taniny izany ary mitondra voka-tsoa ho an’ny taranany sy ny tanànany ary izao tontolo izao.


VAOVAO TSELAKA

Ny tetikasa ChirpTrack izay iarahan’ny TERAKA miasa amin’ny anjerimanontolo Cornell any New York dia mikarakara fampiofanana ampitain-davitra mahakasika ny famantarana ny karazam-borona misy eo amin’ny toerana iray amin’ny alalan’ny feony ny 26 Febroary amin’ny 4 ora sy sasany. Raha manana smartphone sy liana amin’izany ianao dia miantsoa ireto laharana ireto mba hahazoana ny rohy :
033 50 854 11 - 034 88 142 35 - 032 03 945 00

4 - AMIN’NY FAHA 66 TAONANY I DADATOA ROGER NO MAMBOLY HAZO SY MAMPITSIRY FANANTENANA


Ny Alatsinainy 01 Desambra 2025 dia nidina ifotony tany amin’ny Kaominina Ambohimandry, Faritra Itasy, Distrikan’Arivonimamo ny ekipa ka nitsidika sy nitafatafa tamin’i Dadatoa Roger tao amin’ny tanin-janakazony ao Ambohimandry Atsinanana.
RAKOTONDRASENDRA Jean Roger Michel no anarany feno, fantatry ny maro amin’ny anarana hoe Dadatoa Roger. 66 taona ny lehilahy, mananjanaka 3 mianadahy ary feno herintaona katroka izao no naha mpikambana TERAKA azy. Ny Vondrona Madinika VALISOA no ahitana azy ary isam-bolana dia tsy tapaka ny manatrika ny fivoriana Klastera izy, fotoana izay izaràny traikefa amin’ireo mpiray klastera aminy. Akory ny hafalian’ny ekipa raha nahita fa na dia efa zokiolona aza izy dia manana sy mikarakara taninjanakazo azy manokana izay nataony ery andrefan’ny tokontaniny ka akaiky rano sy voafefy tsara mba hiarovana azy amin’ny biby fiompy. Ahitana Frêne (Fraxinus excelsior), papay, kafe, bonara (Albizia lebbeck) sy acacia (Acacia Mangium) ny taninjanakazony.
‘Ndeha anie hohenointsika ny tantaran’ity taninjanakazony ity e!

Dadatoa Roger: “ Ny taona 1983 aho no nivoaka tao amin’ny sampam-piofanana momba ny fambolena sy fiompiana tao Tombontsoa Antsirabe izay niara-niasa tamin’ny Norveziana tamin’izany. Mpampianatra no asan’ny vadiko. Tsy mba nanana fisotron-dronono moa izahay, hany ka nony efa tsy nampianatra intsony izy dia nanangana ity taninjanakazo ity izahay mivady. Fidiram-bola fanampiny sady fialam-boly rehefa reradreraky ny asa avy any an-tsaha iny ity taninjanakazo ity. Feno 6 taona izao no nananganana azy. Na dia tsy eto intsony aza Ramatoa dia notohizako hatrany izany. Maro ireo olona no maheno ary tonga eto amiko mividy zanakazo. Tsy mandeha mitady sy sahirana miloloha zanakazo miainga avy any Imerintsiatosika intsony izy ireo fa avy hatrany dia mivantana eto amiko. Izaho indray rehefa hamboly hazo TERAKA dia tonga dia maka eto fotsiny. Ity no fisotron-drononokelinay e! Ary ny mahafinaritra aminy, dia amin’ny fotoan’ny maitso ahitra iny indrindra izy no mandeha! Ireto kafe ireto zao dia efa misy tompony, vita kaomandy tamin’izany!”
Tombony ho an’ny Klastera Ambohimandry tokoa ny manana raiamandreny voky fahalalàna sy traikefa tahaka an’i Dadatoa Roger. Ny fotoana fohy nitafatafana taminy dia nahitana fa azo tanterahana tsara ny manao taninjanakazo ho anao manokana mba hahafahanao mamatsy izay filànao sy manamora ary manamaivana ny fambolen-kazonao. Manampy ny fidiram-bolanao izy ary manala sorisory sy havizanana ny mikarakara sy manondraka ary mahita azy! Izany rehetra izany dia mila finiavana sy fitiavana hoy Dadatoa Roger.
Isika rehetra ihany koa dia afaka manaraka ny dian’i Dadatoa Roger. Ny soa fianatra ! Mankasitraka azy izahay nitafatafa taminay.


Dadatoa Roger, mpikambana TERAKA ao amin'ny Kaominina Ambohimandry, Arivonimamo

TEKNIKA FAMBOLEN-KAZO AMIN’NY ALALAN’NY TAHO NOZARAIN’I MOMPERA JEAN MARCEL

Miarahaba antsika rehetra indray ny tenako. Ao anatin'ny fotoam-pahavaratra tanteraka isika izao ary samy miezaka mamboly izay hazo vitany sy ananany. Ampahatsiahiviko eto fa efa masaka izao ny manga ka tandremo misy ariantsika ireny voa azo ambolena ireny fa mahasoa antsika izany amin'izay faritra rehetra misy ny TERAKA. Fa ny tena hohazavaiko eto dia ny momba ny hazo ambolena amin'ny tahony. Tena fotoana fambolena azy izao. Ireto ary misy teknika vitsivitsy. Ny hazo mandronono ny tahony dia azo ambolena mivantana daholo. Io teknika fambolenkazo amin'ny alalan'ny taho io no atao hoe botira ny fiantsoantsika azy. Toy izao ny fomba fanaovana azy :



TSARA HO FANTATRA

Inona no atao hoe karazanjavamananaina?
Ny karazanjavamananaina dia ny fahasamihafan’ny zavamananaina sy ny fifandraisana eo amin’izy ireo. Madagasikara dia anisan’ny manankarena karazanjavamananaina ary ahitana ireo karazanjavamananaina tsy fahita firy. Ao anaty saha iray, ny fisian’ny karazanjavamananaina dia midika hoe misy karazan-kazo maro, karazam-boly isan-karazany, bibikely, vorona ary zava-miaina madinika ao anaty tany miara-miasa. Izy ireo no mitazona ny tany ho lonaka, manampy amin’ny famoazan’ny voa, mampihena ny bibikely mpanimba ary mitahiry ny rano. Arakaraky ny mahamaro ireo karazanjavamananaina ireo no maha voaaro ny tanimboly sy ny tanàna misy antsika

Inona no atao hoe ala vadim-boly?
Ny ala vadim-boly dia rafitra maharitra amin’ny fambolena izay mampifangaro ny hazo sy/na kirihitra amin’ny voly sy/na fiompiana eo amin’ny tany iray ihany, ka mamorona fiaraha-miasa mahasoa ho an’ny tontolo iainana sy ny famokarana.

FAMPAHATSIAHIVANA

Toromarika vaovao avy amin’ny TERAKA momba ny kininina fanao fanaka (Eucalyptus robusta, Eucalyptus grandis) Amin’izao fotoana izao, ny tetikasa Karbaona tsy ahitana kininina dia sokajiana ho tsara kalitao eo anivon’ny tsena iraisam-pirenena. Noho izany, taorian’ny fifampidihana tamin’ny filan-kevim-pitarihana nasionaly TERAKA dia tapaka fa nanomboka ny 01 septambra 2025 dia voafetra ny isan’ny kininina afaka ho sokajiana ho isan’ny hazo TERAKA. Ny isan’ny kininina azo sokajiana ho hazo TERAKA dia voafetra ho 20%n’ny fitambaran’ny hazo isaky ny mpikambana. Izany hoe raha mamboly kininina 20 isa dia tokony hamboly karazan-kazo hafa 80 isa. Ny isa ambony indrindra azo ekena dia 50 kininina isaky ny hektara ihany ary ny isan’ny kininina ambony indrindra azo ekena isaky ny mpikambana dia 200. Marihina fa ny mpikambana izay efa namboly kininina talohan’ny nisian’io toromarika vaovao io dia tsy ho voasazy ary ireo hazo izay efa novoleny taloha dia ho voaisa. Na izany aza anefa dia entanina izy ireo mba hamboly karazan-kazo samy hafa.

FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA

Firy metatra ny elanelana takiana rehefa mamboly hazo TERAKA?

Ny elanelan'ny hazo TERAKA dia tsy tokony tsy ho latsaky ny 2 metatra mba hahafahan'ny hazo mitombo tsara sy hisorohana ny fifaninana ara-tsakafo eo amin'ny hazo. Tsy voarara ny fambolena hazo latsaky ny 2 metatra fa tsy ho voaray ho isan'ny hazo TERAKA kosa.

FOMBA FANAO TSARA NOZARAIN'NY VONDRONA MADINIKA :

Ady gasy famonoana bibikely : Ity fomba fanao tsara ity dia nozarain'ny mpikambana TERAKA tany amin'ny Distrikan'ny Fandriana nandritra ny fivorian'ny Klastera.

Voandelaka : Mampitsoaka sy mampihena ny fahazotoan-koman'ny bibikely.

Fikarakarana azy :

- Afangaro ny ravina voandelaka voatoto 1 kilao na voana voandelaka nopotehina 1 kilao sy rano 5 litatra.
- Avela hijanona mandritra ny 3 hatramin'ny 5 andro, avy eo afaka amendrahana ny voly.

MPIKAMBANA TERAKA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO (31/01/2026)

Faritra	Totalin'ny mpikambana rehetra	Totalin'ny mpikambana efa ao anaty Vondrona Madinika	Isan'ny Vondrona Madinika
Amoron'i Mania	5 097	2 922	360
Itasy	7 497	2 836	374
Vakinankaratra	2 582	573	71
Alaotra Mangoro	2 670	770	103

Toraka voninkazo ho an'i Vakinankaratra izay Faritra vaovao TERAKA nahitana mpikambana maro nisoratra anarana. Ny mpikambana sy ny mpitarika ao amin'ny Kaominina Maromandray, Inanantonana ary Soavina dia tena mavitrika tokoa ka maha velom-bolo ny ekipa TERAKA izany.

TETIANDRO FANANGONANA SY FAMAFAZANA VOA: Janoary, febroary, martsa, Aprily

Karazan-kazo	Asa atao	Volana
Manga (Mangifera indica)	Fanangonana ny voa	Des, jan, feb
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Des, jan, feb
Rotra (Eugenia jambolana)	Fanangonana ny voa	Feb, mars
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Feb, mars
Palissandre (Dalbergia monticola)	Fanangonana ny voa	Feb, mars
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Feb, mars
Ramy (Canarium Madagascariensis)	Fanangonana ny voa	Jan, feb, mars
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Jan, feb, mars
Voaroy (Morus sp.)	Fanangonana ny voa	mandritra ny taona
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	mandritra ny taona
Janborgian (Zamborozana)	Fanangonana ny voa	Feb, mars
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Feb, mars
Frène (Fraxinus excelsior - Frène commun/ grand frène)	Fanangonana ny voa	nov,dec
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Nov,dec, janv, feb
Avocatier (Persea americana) Zavoka	Fanangonana ny voa	Mars, avr
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Mars, avr
Baie rose (Mespilus germanica)	Fanangonana ny voa	Mars, avr
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Mars, avr
Jeckfruit (Artocarpus heterophyllus)	Fanangonana ny voa	Feb, mars, avr
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Feb, mars, avr

1- VONDRONA MADINIKA OPB MIRAY :

vehivavy 1, lehilahy 7

Ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika OPB Miray izay monina any amin'ny Faritra Itasy, Distrika Soavinandriana, Kaominina Amparibohitra indray no horesahantsika amin'ity gazety andiany faha 13 ity. Manana tanin-janakazo iraisana izay ahitana zanakazo miisa 3 000 eo ho eo izy ireo. Efa fanombohana tsara izany! Ahitana zakaranda, pibasy, Ampalibe, baie roe ary acacia (Acacia mangium). Mivory indroa isam-bolana izy ireo ary mifarimbona amin'ny fikarakarana ny tanin-janakazo. Mandefa solon-tena izy ireo rehefa fivorian'ny Klastera ary mazoto mizara ny fahaiza-manaony mba hanampy ny mpikambana hafa. Ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika OPB MIRAY dia resy lahatra amin'ny fanarenana ny tontolo iainana. Mifanindran-dalana amin'ny soatoavina TERAKA (fifanampiana sy asa antsitra-po) ny fomba fijerin'izy ireo. Ankoatr'izay dia manaraka ireo fomba fanao tsara toy ny fivoriana ara-potoana, fananganana tanin-janakazo iraisana, mamboly hazo mihoatra ny 500 isan-taona, fanatrehana tsy tapaka ny fivorian'ny Klastera) izay efa ahitana sahady izao vokatra tsara izao. Ny ekipan'ny TERAKA dia mirehareha manana azy ireo ary mirary soa ho azy ireo hatrany.



Mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika OPB MIRAY ao Amparibohitra Soavinandriana.

GAZETY tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : Cédric Hobinirina De Foucault, Mathieu Rahm, RAKOTONIAINA Nambinina, RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel, VELOMIAFARA Offman, RASOARIMALALA Fenosoa
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11